Praiminista Ntsay Christian 2
**Mamikitra nefa mamiratra amin'ny tsy fahaiza-mitantana**

Ny Valosoa sy Fakafaka 2
**Mila alamina ny fitantanam-bahoaka sy ny fifidianana**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety mivoaka intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 19 martsa 2022 Laharana 1276 Vidiny : **400 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Tafatsangana ny « Plateforme Etat Régional » 3
**Nanolotra lalàm-panorenana vaovao ho fidiana**

Filoha Ravalomanana 2

# Mila tanterahana haingana ny fikaonandoham-pirenena



17 martsa 2009, ny tantara tsy fanadino 3

# Tena fanonganam-panjakana no nataon-dRajoelina sy ny forongony




Mpandraharaha Randriamparany Jean Bosco 6

# Manao làlana manampy ny kaominina Ambohitrolomahitsy



Vehivavy tratry ny lafika sy momba 3 taona 6

# « Sorabe » no nanavotra azy teny Itaosy



**Indray mihira Tia Aro** 6
Notolorana ny taratasy maha mpisolovava mahaleotena azy ireo

**Sendikan'ny Mpiasan'ny Jirama** 5
Ho tapaka ny tady raha tsy tontosa ny fifampiresahana amin'ny ministra

**Daka kely**



Kotozafy ihany zany no Lexis ao amin'ny fitsarana ry Boaikely a !

FILOHA RAVALOMANANA

# Mila tanterahana haingana ny fikaonandoham-pirenena

Naneho ny heviny mahakasika ny fanovana ny mpikambana sasany ao amin'ny governemanta omaly, ny filoha nasiônalin'ny anto TIM, sady filohan'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM, Marc Ravalomanana. Nambarany tamin'izany, fa tsy misy antenaina ny amin'io governemanta faha-6 ny Praiminstra Ntsay Christian io, misy ny ministra efa tsy nahomby hoy izy, mbola naverina ho mpikambana amin'ny goverenemanta ihany, nefa efa hita sy tsapa hatramin'izay ny tsy fahombiazany, na tsy fahaizany mihitsy. Tsy ho atokisan'ny mpamatsy vola mihitsy noho izany izy ireo hoy i Dada, ny vahoaka ihany anefa no hizaka izay fikatsoan'ny fiaraha-miasa amin'ny mpamatsy vola izay. Be ny olana samy hafa eto amin'ny firenena, ilana ny fikaonandoham-pirenen'ny olom-pirenena rehetra avy amin'ny sokajy samy hafa, hoy ihany ny filoha Marc Ravalomanana. Anisan'izany ny momba ny lisi-pifidianana, mba ho fifidianana tena eken'ny rehetra tsy hisy olana intsony ny fifidianana filohampirenena ho avy eo. Ny olana ara-toekarena sy sosialin'ny vahoaka izay miha-mikorosy andro aman'alina amin'izao fotoana izao ihany koa hoy izy dia ilana izay hevitry ny maro izay ny famahana azy. Ny hevitry ny maro tokoa mahataka-davitra. Ilaina arak'izany ny fanatanterahana io fikaonandoham-pirenena io arak'izay haingana, hoy ihany ny filoha nasiônaly sady mpanorina ny antoko Tiako i Madagasikara.



*Ny filoha nasiônalin'nhy antoko TIM sady filohan'ny RMDM, Marc Ravalomanana.*

***Isambilo***

Praiministra Ntsay C.

# Mamikitra nefa mamiratra amin'ny tsy fahaiza-mitantana

Miditra amin'ny governemanta faha-6 tantaniny amin'izao fotoana ny Praiministra Ntsay Christian, niova in-6 ny ekipa miaraka aminy ao amin'ny mpanatanteraka, midika izany, fa izy mpitarika mihitsy koa no tsy mahomby. Mifikitra mafy ity lehiben'ny governemanta ity na dia mamiratra amin'ny tsy fahaiza-mitantana aza, "inefficace, inefficient" hoy ny Vondrona Eôrôpeana. Tsy gisitra amin'izany tsy fahaiza-mitantana sy manala baraka ny mpanatanteraka izany koa: ry ministra Veta sy ry Rolety mason-tsikilaonina. Ny tomponandraikitra tamin' ny fitantanambola nitsoaka fanadihadiana parlemantera dia miverina manolo an'ilay ministra Vazahabe tsy mahay teny gasy afa-tsy ny teny ratsy ao amin'ny raharahambahiny. Ilay nisahana fanatanjahantena nalefa tao amin'ny fitaterana dia indro naverina ao amin'ny fanatanjahantena ihany. Misy koa no heverina ho "toute clé » araka ny fitenin-jatovo azy : efa tao amin'ny ministeran'ny asam-panjakana, ny atitany ary izao indray dia any amin'ny fanajariana ny tany, nefa tsy hita akory izay zavatra nisongadina vitany hatramin' izay. Ilay voaroaka tao amin'ny harena an-kibon' ny tany moa dia nalefa ao amin'ny ministeran'ny rano indray. Izany no hoe: tena kitoatoa, ka ny Praiministra sy ny filohampirenena mpanendry mihitsy no tokony hiala avokoa, fa tsy mamely daholo araka ny fitenin-jatovo ihany. Ny Praiministra nitana ny toeran'ny ministry ny harena an-kibon'ny tany teo, tsy nisy ny volamena naondrana tamin'ny fomba ara-dalàna nandritra izany nitondrany izay, midika izany fa tena tsy ao mihitsy izy sy ny olona teo ambany fiadidiany.



*Ny Praiministra Ntsay Christian.*

Toerana ministra 9 no nahitam-piovàna. Mbola maneho tsy fahamatorany sy tsy fahafehezana ny fitantanana ny firenena hatrany ny mpitondra misy ankehitriny. Saritsarim-pikitihana no zavamisy. Tahaka ny tainomby avadika ihany izy ity, ny eo ihany no eo, mijanona ho tainomby foana. Inona indray no zavatra fahatany (scandale) hataon'izy ireo indray? Mety tsy maintsy mbola hisy izany!

***Ny Valosoa***

Vehivavy Arema

# Hanangana ny birao nasiônaly vaovaony

Hanangana ny birao nasiônaly vaovaony ny Vehivavy Arema manerana ny Nosy. Noho izay antony izay, tonga eto Antananarivo amin'izao fotoana izao ny solontenan'ny vehivavy mpikamban'ny antoko Arema manerana ny faritra 23. Hanangana ny birao vaovao hitantana ny fikambanam-behivavy ao anatin'ny antoko. Ao anatin'izany ihany koa no hametrahana ireo rafitra rehetra any ifotony. 46 no isan'ireo tonga mandray anjara ao anatin'izao fihaonambe izao ary nahatongava solontena avokoa ireo faritra rehetra. Ankoatra ny fananganana ny birao dia hamaritra ireo asa izay ho ataon'ny birao ao anatin'ny 3 taona manaraka ihany koa izy ireo. Azo ambara hoy ny sekretera nasiônalin'ny antoko, fa taonan'ny asa ity taona ity ho an'ny antoko, satria maro be ny asa sy ny hetsika izay natao sy izay mbola hatao. Isan' izany ny fankalazana ny faha 46 taonan'ny antoko izay ho tanterahana anio 19 martsa eny Faravohitra.



*Solontenan'ny Vehivavy Arema avy amin'ny faritra 23 tonga eto Antananarivo.*

***Stefa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

# Mila alamina ny fitantanam-bahoaka sy ny fifidianana

Mihazakazaka ny fitomboan'ny isan'ny mponina eto Madagasikara. Vao mainka hita soritra tsara izany tranga izany raha ny eto amin'ny faritr'Antananarivo sy ny manodidina no jerena. Ny tsikaritra amin'ny tanàna anaty kaominina sasany, tato anatin'ny taona vitsy monja, dia misy olona na fianakaviana vaovao miorim-ponenana na amin'ny trano fonenana vaovao naoriny na manofa trano. Ny tsikaritra ihany koa anefa, dia ireo trano mihofa tsy ambony sarany, no maro mpitady sy mora mahazo mpanofa trano. Ireo trano ambony hofany, dia misy fotoana kely ihany vao mahazo mpanofa. Azo itarafana tsara ny fahantran'ny sarambabem-bahoaka amin'izao fotoana izao izany zava-misy izany.

Ny tranga momba ny mponina io, dia hita ho tsy voafehin'ny fitondram-panjakana. Porofo maneho izany, ny fitomboan'ny tsy fananan'asa, ny firongatry ny tsy fandriampahalemana, ny fikoroso fahan'ny fiainam-piarahamonina, sns... Ny fifehezana ny fanisana handrafitra ny lisi-pifidianana iaraha-mahita ny lesoka efa nitranga sy ny amin'ny mety mbola hisian'izany amin'ny fotoam-pifidianana ho avy manaraka. Miseho ho hanafoana ny lesoka nisy ny mpikambana eo anivon'ny Ceni, sy hahavita tsara lavitra noho ny teo alohany. Toa resabe ihany anefa izany raha ny fahenoana ny nambaran'ireo mpikambana mitondra teny indraindray. Ny mpitondra fanjakana rahateo hita miafina tsy miseho ho tomponandraikitra na dia fantatry ny mpanara-baovao, sy mpandinika fiainam-pirenena ihany, ny diantananany ao ambadika. Tsy mila hazavaina intsony fa efa fantatry ny maro ny paipaik'ady maro samihafa ataony efa am-bolana maro izay.

Mbola misy olom-pirenena, mponina mora azo fitahina ihany ve hiditra amin'ny fifidianana manaraka ho avy tsy ho ela? Efa be izay voafitaka izay tamin'ireo fifidianana natao farany teo. Niharihary ny fampanantenana poak'aty natao nandritry ny fampielezan-kevitra hakana fahefana. Niseho tsara izany na eo anivon'ny firenena na eo anivon'ny renivohitr'i Madagasikara. Mila miezaka hatrany, na efa nanao hatramin'ny fotoana ela aza, ny mpanohitra amin'ny fanazavana sy fitaizana ny saim-bahoaka, mba tsy ho tratry ny "velam-pandriky" ny fitaka bevavan'ny olom-bitsy tsy mahalala afa-tsy fikatsahana ny tombontsoan'ny tenany sy ny fianakaviany na ny mpiray antoko aminy. Raha tratra izay tanjona izay, hisy fiantraikany amin'ny fihatsaran'ny hoavin'ity firenena ity.

***Sôh'son***


PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Mihajatiana R.**

## Ny Valosoa sy hadihady

### 17 martsa 2009, ny tantara tsy fanadino

# Tena fanonganam-panjakana no nataon-dRajoelina sy ny forongony

Ny tantara tsy fanadino, 13 taona lasa izay ny fanonganam-panjakana nataon-dRajoelina sy ny forongony, tamin'ny 19 martsa 2009. Iny zavatra mamoafady nataon'izy ireo iny no mampitontongana amin'ny lafiny rehetra ny zava-misy eto Madagasikara hatramin'izao, fahapotehana eo amin'ny lafiny rehetra.
Daty manandaza sy manan-danja eto amin'ny Firenena ny andron'ny 17 Martsa. Tsara raha tsiahivina ny tantara, tsy adinoina ary tsy disoina. Feno 13 taona afak'omaly, ny fametraham-pialan'ny Filohampirenena Marc Ravalomanana, taorian'ny tery sy fandrahonana nataona andian-tafika nikomy sy nanampy ireo mpanongam-panjakana tamin'ny hetsika 2009. Izany dia nialohavan'ny fakàna fahefana teny an-dalambè, fanendrena governemanta tetezamita teny amin'ny Kianjan'ny 13 Mey, fandrobàna: Alatsinainy Mainty 26 Janoary, fitondrana andian'olona nanafika ny lapam-panjakana Ambohitsirohitra ny 7 Febroary, sns…
Rehefa avy naka ny Lapan'Ambohitsirohitra ny alin'ny 16 Martsa 2009 ireo andian-tafika mpikomy, tamin'ny alalan'ireo fitaovam-piadiana norobaina tao amin'ny Etamazaoro dia nanao hazalambo ny Filohampirenena sy ny fianakaviany. Voatery nanao fanambarana araka izany ny Filoha Marc RAVALOMANANA ny antoandron'ny 17 Martsa 2009 tao Iavoloha : nandray ny Didy hitsivolana fanolorana ny fitantanana feno ho an'ny "Directoire Militaire", natao teo anatrehan'ny Ambasadaoro vitsivitsy sy ny solontena maharitry ny Firenena Mikambana, Tiebélé Dramé.
Nitsimbadika tanteraka anefa ny raharaham-pirenena satria ny tolakandron'io, rehefa nampivory an'ireo mpitarika 4 ao amin'ny FFKM 4 ny Fianakaviambe Iraisam-pirenena na Comunauté Internationale, notarihan'i Tiebelé Dramé sy Ouedraougo, niaraka tamin'ireo manamboninahitra ambony 3 voatendry hitantana ny Directoire Militaire amin'ny maha "Anciens des plus hauts gradés" azy ireo dia ny Vice-Amiral Hyppolite Ramaroson, ny General de division Ranto Rabarisoa sy ny General. de division Razafindralambo Rivo,... rehefa nanao fanambarana ofisialin'ny Directoire Militaire ry Ouedraougo. Fanambarana izay notsipahan-dRajoelina hatramin'ny farany, ka nivoaka ny trano fivoriana izy sy ny ekipany.
Raha tsiahivina dia nanatrika izany fivoriana tao Antanimena izany ny General de division de la gendarmerie Ramananarivo, Andry Rajoelina, Monja Roindefo, Ny Hasina Andriamanjato, ny kolonely Rakotonandrasana, ny kolonely Ndrianarijaona sy ny officiers vitsivitsy, niaraka tamin'i Ratsirahonana Norbert Lala.
Baiko azon'ny manamboninahitra lefitra notarihan'ny kolonely Charles Andrianasoavina tamin'izany, ny tsy maintsy hanerena ireto manamboninahitra faratampony ireto, mba hanolotra ny fahefana ho an'i Andry Rajoelina.
Nisy arak'izany, ary teo anatrehan'ny Communauté Internationale sy ny mpanao gazety maro, ny fakana an-keriny "kidnapping", namoahan'ireto farany ireo lehibena foloalindahy nahazo fahefana sy ny mpitarika ny FFKM tao anaty efitrano fivoriana.
Nentina teny amin'ny toby CAPSAT izy ireo, nambenana am-bava basy, noterena hanao sonia sy hamaky ny fanambarana mitsipaka ny Directoire Militaire, ka manome ny fahefana feno ho an'i Andry Rajoelina.
Tanatin'izany anefa dia niharan'ny herisetra tamin'ny endriny rehetra ireto lehiben'ny tafika sy mpitarika fiangonana ireto, anisan'ny tena nizaka fampijaliana tsy takatry ny saina aman'eritreritra tamin'izany ny Pasitera Lala Rasendrahasina filohan'ny FJKM. 13 taona aty aoriana, miha-milentika ny firenena, ary efa be ireo nanenina tamin'iny fanonganam-panjakana mamoafady tamin'ny 17 martsa 2009 iny. Tamin'io andro io koa no niala teto an-tanindrazana ny filoha Ravalomanana mianakakavy, herinandro tao aorian'izay izy ireo vao fantatra fa tany Swaziland no nisy azy, ary nifindra tany Afrika Atsimo avy eo, hatramin'ny 13 oktobra 2014 niverenany an-tanindrazana indray. Ny nialany teto, na ny fiverenany teto hatramin'izao dia mbola misitery avokoa.

***Niaina***

Depiote Todisoa Andriamampandry

# Tsy ny ministra ihany no tokony hiala fa ny Praiministra koa

Nahitsy ny solombavambahoaka voafidy teny Ambohimanarina, Todisoa Andriamampandry, raha naneho ny heviny momba ny firafitry ny governemantan'ny Praiminisitra Ntsay Christian ankehitriny. Ny teo ihany no teo hoy izy ary samy tsy nahavita matoa misy ny fanovana governemanta. Tsy ny minisitra ihany no miala fa ny Praiminisitra ihany koa dia tokony hiala. Misy mantsy minisitra efa tsy nahomby tamin'ny asany nefa dia nomena minisitera hafa indray no nomena azy. Teo koa ireo minisitra nanana olana tamin'ny minisitera notantaniny, nefa dia nafindra toerana indray. Tsy hisy fiovana izany eo raha izao governemanta izao no jerena hoy hatrany ity solombavambahoaka ity. Nanamafy izany koa ny solombavambahoaka Mamy Rabenirina, ka nilaza fa na soloina daholo aza ny 80% ny minisitra dia tsy hisy fiovana eo raha tsy ny governemanta manontolo mihitsy no indray miala sy misolo olona vaovao. Tokony hiaiky ny filoham-pirenena hoy izy, fa tsy mahavita azy ny governemanta, ka tokony hisolo avokoa ary mitovy ny fomba fijery ny raharaham-pirenena tsy mahomby ankehitriny na ny mpomba ny fitondrana na ny mpanohitra.

***Rajo***



*Ny depiote Todisoa Andriamampandry.*

TAFATSANGANA NY « PLATEFORME ETAT RÉGIONAL »

# Nanolotra lalàm-panorenana vaovao ho fidiana

Tafatsangana anehitriny ny « Plateforme Etat Régional », ivondronan'ny antoko pôlitika isan-karazany, ka nahampahafantarina omaly zoma 18 martsa 2022 tetsy amin'ny Motel de Tanà Anosibe, tamin'ny fitafatafana tamin'ny mpanao gazety. Mpiara-mitantana an'izany « Plateforme Etat Régional » izany Andriamatoa Zafivao Jean Louis, Filoha Mpanorina ny GASYMI, sy Ramatoa Bezaza Marie Eliana, Sekretera Jeneralin'ny antoko PSD. Ahitana Filoha lefitra isam-paritany sy Mpanolotsaina roa ary Sekretera sy Mpitam-bola sy Mpanamarim-bola iray avy ao anatiny, rehefa nisy ny fifampidinihan'ny samy mpiray nosy, araka ny filazan'ny Profesora filoha lefitr'Antananarivo azy.
Antom-pijoroana araka ny nambara tetsy Anosibe, ny hanolotra ny lalàmpanorenana « Etat Régional », hofidiana hitantanana ny firenena Malagasy amin'ny manaraka, hanomboka amin'ny 2023.
Ny tanjona dia ny fampiakarana ny fahefan'ny Faritra ary fanenana ny fahefan'ny filoham-pirenena, izay iainana ankehitriny, hita fa mitarika fitangoronam-pahefana ho an'ny filoham-pirenena fotsiny ary mamporisika ny rehetra hanao kolikoly ao anatin'izany. Rafi-panandevozana natsangan' ny mpanjanaka mantsy io « Etat Unitaire » io, raha ny filazan'ny « Plateforme » ary rafitra fanabotriana olona sy rafitra fandravana fiainan'olona ihany koa.
Raha ity rafitra « Etat Régional » ity anefa no ekena hitantanana ny firenena, hoy hatrany ny "Plateforme" dia ho foana tanteraka avokoa ireo olana mianjady amin'ny fiainan'ny vahoaka Malagasy ankehitriny : tsy fananan'asa, tsy fahazahoana karama sy vatsimpianarana, sns... Amindry zareo ireto mantsy dia ny fifandaminana ny fandriampahalemana, no tokony hamehana mialohan'ny fifidianana hatao amin'ny taona 2023.
Tsy ho tompony hangataka ny atiny intsony ny Faritra rehetra, fa samy hitantana ny volany sy ny fandaminana ny Faritra misy azy manokana.
Hitarina manerana ny rafim-pitantanana rehetra misy eto amin'ny firenena ankehitriny : filoha, praiminisitra, senatera, solombavambahoaka, sns... ny fanazavana ny amin'ity lalàmpanorenena "Etat Régional" ity ary hampahafantarina ny vahoaka Malagasy tsy vaky volo hatrany amin'ny fokontany rehetra manerana ny nosy ihany koa ary haely amin'ny alalan'ny tambazotran-tserasera tsy an-kanavaka: Radio, televiziôna, tambazotran-tserasera samihafa ... ihany koa.



*Ramatoa Eliana Bezaza, iray amin'ireo mpitarika ny "Plateforme Etat Régional".*

***Rainilita***

## TONONKALO

### Fanovana governemanta

Fanovana hafahafa tsy fahita eran-tany,
Fa ry Veta sy ry Voata no mamikitra hatrany,
Na dia hita tsotr`izao fa efa nanaratsy endrika,
Noho ny zavatra nataony sy ny toetrany tsy mendrika !

Fanovana hafahafa tsy fahita eran-tany:
Ny nesorina omaly no naverina androany.
Ny hangalatra sy hangorona , izay no tanjona hokendrena,
Ka mazava fa hitohy ny fanondranam-bolamena !

Fanovana hafahafa tsy fahita eran-tany.
Ireo roalahy nanao ny tombana, toa mitohy ny hajambàny,
Ka raha mbola hifampitantana dia efa tazana sahady
Fa tsy maintsy hianjerazera sy hivarina any an-kady.

Fanovana hafahafa tsy fahita eran-tany.
Ny efa maimbo sy masiso no manohy ny hadalany.
Tsisy zavatra antenaina ny amin`ireo "mpitondra jamba",
Fa andrasana ho hendry , mainka koa manary lamba !

Fanovana hafahafa ! very ianao ry firenena,
Ka dia miantso anao indray izay mbola itoeram-pahendrena.
Mijoroa ankehitriny n`aiza n`aiza misy anao,
Andao hanohitra ny ratsy f`efa tsy izy intsony izao !

***DADAN`i ZINA (18-03-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Isambilo, Helisoa

**Ny lanonana famoaharana ireo mpianatra mpisolo vava mahaleotena 35 mianadahy andiany «Tia Aro» teny Nanisana.**














**Manohana ny fifaninanana baolina kitra : tournoi foot à 7 any Ambohitrolomahitsy ny mpandraharaha tanora Randriamparany Jean Bosco na Dadafara (afovoany).**





## NY TENY FIAINANA




*Ary raha nilaza izany Izy, dia nangaihay izay rehetra nanohitra Azy; fa ny vahoaka rehetra nifaly noho ny zavatra malaza rehetra nataony.*

***Lioka 13:17***

**Fifantenana mpilalao Barea U23**

# Hatao anio eny Ambohidratrimo ny an'ny eto Analamanga

Hatao eny amin'ny kianja syntetikan' Ambohidratrimo anio sabotsy 19 martsa 2022, ny fifantenana an'ireo mpilalao tanora Malagasy latsaky ny 22 taona no midina, handrafitra ny ekipan'ny Barea U23 ao amin'ilay tetisakan'ny UFISCAM miaraka amin'ny FMF. Mpanazatra manana ny maha-izy azy hatrany amin'ny 15 isa any ho any farafahakeliny, izay ho tarihan'ilay mpanazatra Christian Kely, no hiandraikitra an'izany fifantenana izany anio, hanomboka amin'ny 8 ora maraina, ka mandra-paharivan'ny andro.



*Ny mpanazatra Christian Kely.*

Tsy hisy intsony ny kitranoantrano amin'ny fifantenana mpilalao toy itony araka izany, fa samy hanara-maso akaiky avokoa ireo mpanazatra miisa 15 ireo.

Mpikarakara an'ity eto amin'ny Faritra Analamanga ity ny ligy Alfa "Ligin'Analamanga amin'ny baolina kitra".

Hanohy an'izany fifantenana izany ihany koa ry zareo avy any Bongolava sy Itasy ary ny any Vakinankaratra, mba hahazoana hifantenana an'ireo hampidirina ao amin'ny ekipan'ny Faritanin'Antananarivo, izay ho tantanan'ny mpanazatra Fenohasina.

***Rainilita***

**"Athlétisme Championnat du monde en salle"**

# Hiditra an-tsehatra anio i Sidonie

Hiditra an-tsehatra avy hatrany anio sabotsy 19 martsa, andro voalohany amin'ny fifaninanana atletisma "Championnat du monde en salle ", izay ho tontosaina any Indoor Belgrade, Serbie, amin'ny 19 sy rahampitso 20 martsa 2022 i Fiadanantsoa Sidonie Valdez, atleta Malagasy avy any Ambilobe sy nianatra tao amin'ny Oniversiten'Antsiranana ary miofana any Sirama, La Union any El Salvador ankehitriny. Eo amin'ny hazakazaka 60 m misy fefy, no handraisan'ity tovovavy Malagasy ity anjara, ka amin'ny 9 ora sy 50 minitra any ho any izy no hiditra an-tsehatra ary eo amin'ny "4è couloir" no hisy azy amin'ny dingan'ny 1ère Série hataony. Mirary soa ho azy isika Malagasy tsy vaky volo. Alefa Sidonie â !




*Fiadanantsoa Sidonie Valdez.*

***Rainilita***

**Sendikan'ny Mpiasan'ny Jirama (SMJ)**

# Ho tapaka ny tady raha tsy tontosa ny fifampiresahana amin'ny ministra


Maneho ny alahelony amin'ny Ministry ny Angôvo ny sendikan'ny mpiasan'ny Jirama (SMJ), manoloana ny vaovao naelin'ny kaontin'ny Minisitra mpiahy amin'ny tambazotran-tserasera, fa efa nanatanteraka fihaonana tamin'ny sendikan'ny mpiasan'ny Jirama ity farany. Nanazava Andriamatoa Ratovomanarivo Amnora filoha nasionalin'ny SMJ, fa mbola tsy nisy ny fihaonana nataon'ireto farany tamin'ny Ministrin'ny Angôvo hatramin'izao ary mbola tsy nivaly ny fangatahanan fihaonana an-taratasy, izay nataon'ny SMJ tamin' ny 18 Oktobra 2021 lasa teo. Nanohy fanazavana ny filohan'ny SMJ, fa ilaina ny fifampiresahana amin'ny Minisitra mpiahy, satria manjaka ao amin'ny orin'asa Jirama ny kiantranoantrano, hany ka tsy mandeha amin'ny laoniny ny asa rehetra atao. Ankoatran'izany, nanamafy ity mpitarika ny sendikan'ny mpiasan'ny Jirama ity, fa tokony hisy ny fifampidinihina mikasika ny fanavaozana ny lalàna momba ny "Libéralisation du secteur électricité" sy ny lalàna momban'ny "Libéralisation de transport et la distribution de l'energie", satria tsy hanana andraikitra intsony ny mpiasan'ny Jirama manoloana ny fanjakazakan'ireo orinasa vahiny mitantana ny sehatr'asa rehetra. Ary ny farany nanazava Andriamatoa Ratovomanarivo Amnora, fa mila manana rafitra azo antoka ny orin'asa Jirama raha tiana ny hanatratra tanjona, ka ilaina ny mifampiresaka eo amin'ny roa tonta, mba hahafahana mametraka an'izany rafitra iombonana izany. Tsy maintsy mijoro amin'ny ady noho ny fisian'ny tsy aradalàna, tsy ara-drariny, ny fisian'ny tsindry hazolena sy ny fisian'ny tsy maty manota ataon'ny mpitantana ny sendikan'ny SMJ, mba hahafahana miaro ny asa sy ny orin'asa.




*Tsy afaka olana ny orinasa Jirama hatramin'izao.*

***Franck Razakambelo***

## Sakafo Ny Valosoa



Fonken'omby nendasina indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny vinaingitra-na cidre de pomme



Ny soa azo avy amin'ny vinaingitra-na cidre de pomme indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Efa amidy eny amin'ny mpivarotra rehetra mahafatrapo ity karazana vinaingitra ity. Ireo tombontsoa azo avy amin'ny fampiasana na fihinanana azy:

- Mampidina ny tahan'ny Siramamy ao amin'ny rà , noho izany tsara ho an'ny diabetika ny mihinana.
- Mampidina tosi-dra , noho izany tsara ho an'ny olona manana tosi - drà avo ny vinaigre de cidre de pomme.
- Mampidina ny tahan'ny cholesterol ratsy tsy ilain'ny vatana.
- Manala tavy amin'ny kibo.
- Miaro amin'ny cancer na homamiadana.
- Tsara hanina rehefa voan'ny sery , mikohoka , voan'ny tazo. Mamono bacteria sy virus na tsimokaretina izy.
-Tsara ho an'ny olona mitohana na tratran'ny constipation.
- Anasana salady , legioma, voankazo.
- Anadiovana fitaovana.
- Mahatsara volo sy hoditra.
- Manala fofona amin'ny tongotra, andomana tongotra , manala vakivaky.

Fomba fihinanana azy : 1 sotro kely atao anaty rano matimaty 1 vera dia sotroina maraina vao mifoha, afaka asiana tantely.


Afaka atao amin'ny crudite , salady atao solona vinaigre: 1 sotro lehibe no atao.

Fampiasana azy amin'ny volo sy hoditra 1 na 2 ny sarony vinaigre de cidre de pomme atao anaty rano tapaky ny sceau kely , sasana amin'ny shampooing aloha ny volo dia kobanina, izay vao atao amin'ny volo ilay rano tapaky ny sceau kely misy vinaigre de cidre iny, avela 15 min dia kobanina ho an'ny olona lava volo io, fa raha fohy volo dia kely ny rano ampiasaina .

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Antsondrodava distrikan'i Maintirano faritra Melaky

Ny tanànan'Antsondrodava distrikan'i Maintirano faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Antsondrodava ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 14 mandrafitra ny distrikan'i Maintirano. Any atsimon'ny faritra Melaky no misy azy. Vokatra any ny vary, ny raphia, ny voanio fakana menaka, ny haninkotrana toy ny mangahazo sy katsaka.



### Ambohimandry Ambohimanga Rova

# Niroso tamin'ny fambolena zava-maniry fanao fanafody ny ANTM

Zana-kazo avy amin' ny zava-maniry fanao fanafody karazany maro toy ny Voamboana, Ravintsara, Fanazava, Labizia, Vahona, Romba sy ny sisa… no nambolen'ny mpikambana ao amin'ny Antm (Fikambanambem-pirenen'ny fitsaboana nentim-paharazana), tetsy amin'ny Fokontany Ankazomalaza Ambohimandry Kaominina Ambohimanga Rova omaly. Nilaza Andriamatoa Andriandrainarivo Josephin, filoha nasionalin'ny Antm, fa andalam-paharinganana ny zava-maniry fanao fanafody eto Madagasikara ary zava-masina ho an'ny Malagasy ireto farany, satria mitandro ny fahasalaman'ny zanak'olombelona, ka izany no nahatonga ny Antm namboly an'ireo zana-kazo ireo. Nanohy fanazavana ity filoha nasionalin'ny fikambanambem-pirenena ho an'ny fitsaboana nentim-paharazana ity, fa ny zava-maniry fanao fanafody maro no nomen'Andriamanitra ny Malagasy maimaimpoana ary ireo zava-maniry ireo no nitaiza sy nampiasain'ny razana hatrizay, ka tokony ho lovain'ny taranaka faramandimby. Nanamafy Andriamatoa Andriandrainarivo Josephin, fa ampitahain'ny mpikambana ao amin'ny ANTM, ho mpangalatra taolam-paty ireo olona minia mamotika sy mandoro ny ala, satria mpanimba zava-masina izy ireny ary tokony hisy ny fanabeazana mifototra amin'ny kolontsain'ny fiarahamonina ataon'ny fitondram-panjakana, mba hahafantaran'ny Malagasy, fa manan-kasina ny tontolo iainana, ka tsy tokony haringana. Ankoatra izany, nilaza ny filoha nasionalin'ny Antm, fa tokony hampanandrifiana amin'ny Dinam-pokonolona ny fikajiana ny tontolo iainana, mba ho voarain'ny fiarahamonina ny fikolokoloana azy ireny, fa tsy henjanina amin' ny fanasaziana araka ny lalàna fotsiny. Manentana ny olom-pirenena, mba hiara-hientana amin'ny fambolena sy ny fikojakojana ny zava-maniry fanao fanafody, mba hitandroana ny fahasalaman'ny taranaka.



Ny filohan'ny ANTM.

**Franck Razakambelo**

### Mpandraharaha Randriamparany Jean Bosco

# Manao lalana manampy ny kaominina Ambohitrolomahitsy

Tsy vitsy ny lalana simba ao amin'ny kaominina Ambohitrolomahitsy distrikan'i Manjakandriana tamin'ity fotoam-pahavaratra ity. Noho izay antony izay, nanolo-tanana ny kaominina any an-toerana ho fanarenana ireny lalana simba ny mpandraharaha tanora any an-toerana, Jean Bosco Randriamparany na Dadafara. Nambarany tamin' izany: "efa mandeha ny asa fanamboarana lalana any Belanona, ka raha te hanampy ny fiadidiana ny tanàna, be dia be ny lalana simba mila amboarina ety amin'ny Kaominina Ambohitrolomahitsy, fa tsy ny efa misy manamboatra ihany no atao. Tamin'ny vao simba io no efa nandeha teny foana ny fokonolona tsy nijery izany ny kaominina, izao efa mandeha ny asa vao hoe hanampy? Dia gaga ianao. Efa hataon'ny Fokonolona izany ary mpandrafitra matihanina no mandrafitra azy, ny vato sy ciment efa vonona ny tenako hiantoka azy mandrapahavitan'ny asa. Ny resaka politika indray, mbola tsy niteny taminareo izaho hoe: hirotsaka Sefo Fokontany na Ben'ny Tanàna na Depiote nefa dia henjehinareo foana! Tanindrazako Ambohitrolomahitsy, toerana nahalatsahan'ny tavoniko, koa izay no antony hanampiako ny vahoaka eto Ambohitrolomahitsy satria adidiko izany", hoy ihany ity mpandraharaha tanora ity. Ankoatra izany, hanampy ireo tanora mpilalao baolina kitra avy amin'ireo fokontany miisa 20 any Ambohitrolomahitsy Randriamparany Jean Bosco, hanome baolina sy akanjon'ny mpilalao na maillot ihany koa. Misy ny fifaninanana baolina kitra any an-toerana, manampy ireo mpikarakara koa izy. Ankoatra izany, miseho lany ny tsy fandriampahaelmana any amin'ity kaominina Ambohitrolomahitsy ity amin'izao fotoana, intelo nisy nanafika ny fokontany Avaratrambolo tamin'ity taona ity, lasan'ny dahalo avokoa ny ombin' ny mponina tany an-toerana. Noho izany, miantso ny tompon'andraikitra ihany koa Randriamparany Jean Bosco hijery akaiky izao tsy fandriampahalemana any Ambohitrolomahitsy izao.



Randriamparany Jean Bosco, na Dadafara, mpandraharaha tanora, any amin'ny Kaominina Ambohitrolomahitsy distrikan'i Manjakandriana.

**Aly**

### Indray mihira Tia Aro

# Notolorana ny taratasy maha mpisolovava mahaleotena azy ireo

Natolotra omaly 18 martsa ireo mpisolovava miisa 35 mianadahy andiany faha 11, indray mihira mitondra ny anarana Tia Aro, hiasa manerana an'i Madagasikara, ny certificat de fin de stage ho azy ireo. Nandalo dingana maro izy ireo vao tonga amin'izao fahazahoany ny taratasy maha tena mpisolovava mahaleotena azy ireo izao, araka ny fanambarana nataon'ny solontenany. Rehefa vita ny 4 taona ahazoana ny mari-pahaizana maitrise dia manaraka ny fianarana mandritra ny herintaona eny amin'ny ENMG. Rehefa vita izany dia misy ny fiofanana mandritra ny 3 taona ataon'izy ireo any amin'ny mpisolovava zokiny efa niasa mihoatra ny 5 taona manana toerana fiasàna ara-dalàna . Nanome voninahitra ny fotoana ny filohan'ny holafitry ny mpisolovava ny bâtonnier Alain Raondry, sy ny birao miaraka aminy. Teo ihany koa ny holafitry ny mpisolovava nifandimby teo aloha nitantana izany. Vonona hanaja ny soa toavina maha mpisolovava ireto andiany Tia Aro ireto, ka hanaraka antsakany sy andavany ny fampianarana azony, izay noratovina nandritra ny fotoana lava.

**Helisoa**



### Vehivavy tratry ny lafika sy momba 3 taona

# « Sorabe » no nanavotra azy teny Itaosy

***Mandeha ny resaka eto amintsika fa tsy misy izany olona tsy natao hiteraka izany, misy koa anefa ireo milaza fa rehefa tratry ny lafika tsy hiteraka izany mihitsy raha tsy tsaboina. Santionany nefa ity tranga nahazo ity vehivavy ity.***

Hendry tamin'ny fahatanorany ity tovovavy ity. Sady mahay no mivavaka ihany koa. Taty aoriana aza dia lasa mpiandry mihitsy na dia tsy mbola nanambady aza. Talohan'izay anefa dia efa niaraka tamina tovolahy izy fa tsy raikitra ny fanambadiana. Mbola tovolahy hafa koa no niaraka taminy avy eo fa ady no nisarahana ary saika niafara tamin'ny fifanolanan'ny fianakaviana mihitsy aza, ka teo no naha-tapakevitra ity tovovavy ity, fa tsy hitia olona intsony ary hivadika hivavaka satria leon'ny fiainana.

**Tratry ny lafika ilay tovovavy**

Vao herintaona monja izy no niova ho mivavaka dia tapa-kevitra, fa tsy maintsy manambady mba ho tena ara-dalàna eo amin'ny fiainana. Olona mpivavaka ihany koa no naka vady azy ary nekeny avy hatrany. Nandeha anefa ny andro sy ny ora, tao anatin'ny telo taona tsy mbola nitoe-jaza foana ramatoa ary misy aza efa hoe zaza no ao an-kibo nefa dia votsotra ho azy amin'izao ary saika niafara tamin'ny fahafatesana mihitsy aza izany. Mpivavaka anefa izy mivady ka sarotra ny handeha amin'ny mpitsabo. Resy lahatra ihany anefa izy roa nony farany, ka tapa-kevitra fa hanatona an'i Mr Aina 0382902668 sy ny 0339178091, mpitsabo eny Ambonisoa Itaosy.

**« Sorabe » no nanavotra azy roa**

Vao nihaona anefa dia nivoaka teo ny marina satria hoy ity mpitsabo ity hoe: nisy olona niaraka taminao taloha ary tsy nekenao ny hanambady azy, ka io lehilahy io no namosavy anao. Tsy hiteraka mihitsy ianareo hoy izy raha tsy karakaraina ary mety atahorana aza ny ainareo. Nokarakarain'ity mpanjakan'ny « pouvoir » ity izy mivady, nodiovina sy nokarakaraina ilay ramatoa ary nofatorana tamin'ny lamba fotsy fahadiovana izy mivady ary nofafazana rano madio sy notsofin-drano ihany koa. Mandehana mody hoy ity mpitsabo ity ary manàna finoana arak'izao efa nananareo izao, fa ho tody ny soa sy ny tsara ianareo ary tsy maintsy hiteraka sy ho salama ihany koa. Iray volana taty aoriana dia nilamina izy mivady, salama tsara ramatoa ary nitoe-jaza ihany koa. Teraka tamin'ny fiandohan'ity volana martsa ity ramatoa ary nisaotra sy nankasitraka manokana an'ity mpitsabo ity izy roa. Marina fa mpivavaka izahay hoy izy, fa misy ny mpamosavy sy mpamorika, ka tsy maintsy mila olona manana « pouvoir » sy mampiasa « sorabe » toa anao, no afaka mikarakara anay, ka soa fa teo ianao nanavotra anay hoy izy mivady teny Itaosy.

**Namana**

### Kaominina Alasora

# Nahavoly zanakazo miisa 500 tany Ambatolaona

Nanatanteraka ny adidiny amin'ny fiarovana ny tontolo iainana omaly ny kaominina Alasora distrikan'Antananarivo Avaradrano, notarihan'ny ben'ny tanàna Jimmy Randriantsoa. Zanakazo miisa 500 teo, no voavolin'ny mpiasan'ny kaominina miisa 160, zanakazo toy ny kininina, ny kininina oliva. Niantoka ny zanakazo novolena ny avy amin'ny minisiteran'ny tontolo iainana. Tany Andanona Ambatoloana, distrikan'i Manjakandriana no nanatanterahan'izy ireo izao fambolen-kazo izao. Nambaran'ny ben'ny tanàna, fa hisy ny fanarahamaso ny zanakazo no volena amin'ny manaraka, fa tsy natsatoka fotsiny dia avela eo.



Ny ben'ny tanànan'Alasora Jimmy Randriantsoa, nanatanteraka ny adidiny amin'ny firenena, amin'ny fambolen-kazo.

**Aly**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**12/03/2022 hatramin'ny 19/03/2022**

- **GISELE** (AmbodivonikelyAnosivavakaAmbohimanarina) 020 23 617 59/034 10 302 42
- **ANDRAVOAHANGY** (AndravoahangyPrès Epi d'or) 020 22 245 12/034 30 245 45
- **MIARO** (Galerie ARO Ampefiloha) 020 22 621 18 / 032 05 224 32
- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 034 05 224 70 / 032 11 224 70 / 033 05 224 70
- **METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**


Fametrahana 1276-03-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**PR NARISON STEPHAN**

# 0,0000000001 segondra tao aorian'ny niforonan'izao tontolo izao no efa fantatry ny olombelona

Eo amin'ny sehatry ny fikarohana, mandalo eto an-tanindrazana amin'izao fotoana na Profesora Narison Stephan mpampianatra mpikaroka momba ny fizikan' ny angôvo avo, na fizika nokleary, na Physique des Hautes Energies. Nisy ny kaonferansa nataony, ho an'ny mpianatra sy ny mpampianatra ary ny olona rehetra liana momba ny fizikan'ny angôvo avo na angôvo ambony teny amin'ny Oniversiten'Antananarivo Ankatso, ny herinandro lasa teo. Araka ny nambaran'ity manampahaizana manokana, mpampianatra mpikaroka eto Madagasikara sy any Frantsa, ary any Suisse ity; 0,0000000001 s (segôndra) (10 puissance moins 10 secondes) tao aorian'ny niforonan'izao tontolo izao, no efa fantatry ny zanak'olombelona ny momba azy ny amin'ny fiforonan'izao tontolo izao izay. Izany hoe 0,0000000001 s tao aorian'ny nisian'ny Big Bang ka niforonan'izao tontolo misy antsika ankehitriny izao. Izany hoe, efa azo lazaina ho fantatry ny olombelona ankehitriny ny niforonan'izao tontolo izao, sy ireo potika na particules mandrafitra ny raha na ny matière eto amin'ity tontolo iainantsika ity. Izany dia vokatry ny fikarohana, ataon'ireo manam-pahaizana iraisam-pirenena miasa sy mikaroka ao CERN: Centre Européen de Recherche Nucléaire, na foibe eôrôpeana momba ny fikarohana nokleary any Genève any Suisse, ahitana ny fanafainganana ny potika, na accélérateur de particules, anisan'ny lehibe indrindra eto amin' izao tontolo izao. Mpikaroka maro eto amin'izao tontolo izao no miasa ao, anisan'izany ny Malagasy, tsy mbola misy ao kosa anefa ny Afrikana. Hafainganina amin'izany toerana izany, amin'ny faribolana mirefy 27 km ny potika prôtôna, ka hampakarina amin'ny angôvo avo na ambony be izy ireny, avy eo dia ampifandonina, ny vokatr'izany fifandonana izany no nahitana ireo potika farany kely amin'izao fotoana mandrafitra ny raha (matiére) dia ny quarks karazany 6, sy ny leptôna miisa 6 ihany koa ary ny netrinôna. Voka-pikarohana hafa maro ihany koa no hita avy tamin'izany, toy ny fitovian'ny hazavana sy ny fampielezantsandrahaka na radio-activité, rehefa mahazo angôvo ambony ny potika (pariticules) manana hafainganam-pandeha mitovy amin'ny hafainganam-pandehan'ny hazavana. Anisan'ny hita tany CERN ny internet, ny facebook, ny page web,… Liana tamin'izao famelabelarana nataon'ny Pr Narison Stephan izao, ireo tanora mpianatra niatrika izany, teny amin'ny Oniversiten'Antananarivo.


*Pr Narison Stephan, mpampianatra mpikaroka manampahaizana manokana momba ny Fizikan'ny Angôvo Avo, na Physique des Hautes Energies.*

***Isambilo***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao manaraka izao:
Zoma 18/03/2022
Ho an ' ny Tompon' andraikitra eto @ GAZETY VALOSOA - TANA

Tompoko,


Miala tsiny raha manao ity faneoan - kevitra ity aty aminareo ny Tenako noho ny zava -misy eto @ Firenena ankehitriny, izay somary mahavaka ny saina ny mahita azy, heverin' ny maro tokoa ho bitika angamba ny momba azy ka tsy dia misy miraharaha kanefa dia hita fa miainga eny ny fampandrosoana tsy inona izany fa ny FOKONTANY? Tsy mazava tokoa ny momba azy io ary hita fa tena feno gaboraraka sy fanaovana ny tsy rariny eny anivon' ireny fokontany ireny ankehitriny, tsy mazava koa ny ara- bola eny ? Hitanay izao aty aminay fa misy zavatra tena tsy mazava satria na ny fitantanam- bola aza tsy mazava ? Ary inoako fa maro ny tranga toa izany eto TANA, koa dia hanairana ny Maro izany.
Misaotra betsaka tompoko.

***RANDRIA Honorat***
***AMBOHIMIRARY/ TANA V***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 387**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0386)

**Mitsivalana**
- Sempotra
- Aato (miv) - Sa
- Kininina
- D.S - Nay
- Tsioka
- Anio (miv)
- Alika - OH

**Mitsangana**
- Sokatra
- (H)ety
- Mandidy
- Paiso
- Koa
- Tsinay
- Rana - No
- Havia (miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 387




**Mitsivalana**
**1.** Rafitra vita amin'ny hazo ao amin'ny trano iray **2.** Karazam-by - Mpampitohy **3.** Tanimboly **4.** Homem-boninahitra **5.** Ranom-bava - Azo amin'ny voaloboka (miv) **6.** Valizy goavana (miv) **7.** Safotra, very dia (miv) **8.** Zava-maniry - Navelan'ny razana (miv) **9.** Naoty - Hazandrano (miv) **10.** Renirano - Raha ny hevitray

**Mitsangana**
**A.** Zava-maneno - Akana vao mitombo **B.** Nanakaiky (miv) **D.** Haingom-bolo **E.** Fifaninana hatsarana vehivavy **F.** Marika - ao amin'ny fery **G.** Handehanana am-panajana - Tsofoka **H.** Kere - Ravo **I.** Fanampin'anarana - Vorona (BR) **J.** Fitaovam-pantsakana - Andro **K.** Tsiro - Sakoroka - Aro moka

### Valiny Teny mifanaraka 0386

**Mitsivalana**
**1.**Narovana **2.** Ody (miv) - Tsy **3.** Fianaranay **4.** Posiposy **5.** Jono (miv) - Na **6.** Tolorana **7.** Ilo - Ampy **8.** No - Inty (miv) - Ma **9.** Anjara **10.** Taranja

**Mitsangana**
**A** Nifintana **B.** Ady - Olona **D.** Roapolo **E.** Nono - Tay (miv) **F.** Voasoratra **G.** Rija - Nar(a) **H.** Ap(oaka) - Nay **I.** Manonta (miv) - RN **J.** Sasa - PM **K.** VIII - Fiara


FAMBOLE-KAZO
Hataon'ny
Tanora
Tiako i Madagasikara
Diégo-Suarez
Sy
Jeunes
RMDM
Diego- Suarez
PROGRAMME : SAMEDI LE 19 MARS 2022
FAMBOLE-KAZO ANY DIEGO II ANTANAMITARANA
RENDEZ-VOUS:
TIKO AAA en face BANQUE
BIN Place kabary
Diego-suarez
à 07h AM
CODE DRESS:
TEE-SHIRT FOTSY NA MENA
: 2000Ar Aller/Retour